

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Ran'i Jesosy

Mandresy an'i Satana aho amin'ny alalan'ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny fanambarako, ary tsy tia ny aiko aho na dia hatramin'ny fahafatesana aza.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Inefatra ao amin’ny Jaona 6 no nilazan’i Jesosy momba ny mpino hoe: “Izaho hanangana azy amin’ny andro farany” (jereo ny andininy 39, 40, 44, ary 54). Anisan’ny famonjena ny fitsanganana amin’ny maty.

> "Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany. Fa ny nofoko no [tena fihinana], ary ny Rako no [tena fisotro]. Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no mitoetra ato amiko, ary Izaho kosa ao aminy. (Jaona 6:54–56)

Ny teny hoe mihinana, misotro, ary mitoetra dia amin'ny fotoana ankehitriny mitohy: "Izay mihinana ny Nofoko sy misotro ny Rako mandrakariva dia mitoetra ao Amiko ary Izaho ao aminy."

Miharihary fa mametraka lanja lehibe amin’ny fihinanana ny Nofony sy ny fisotroana ny Rany ny Tompo. Tsy izaho no manam-pahefana farany, fa tena mino aho fa ny momban’ny sakramentan’ny Fanasan’ny Tompo na ny Fiombonana no Resahiny.

Nisy fotoana,nipetraka tany amin'ny tanàna Arabo niaraka tamin'ny Kristiana Arabo aho taloha. Rehefa nandray ny Fanasan’ny Tompo izy ireo, dia hoy izy ireo: “Aoka isika hisotro ny ran’i Jesosy.” Mino aho fa nahazo ny sariny tsara ireo Kristiana Arabo ireo. Ny fisotroana ny ran’i Jesosy dia Fiombonana.

Misy zavatra ao anatintsika milaza hoe: "Tsy tiako ny mieritreritra ny hisotro ra." Tsaroako fa nandany taona maro aho vao nahafantatra an’io fanambarana io. Fa mba hahazoana ny fiainana mandrakizay, dia tsy maintsy misotro ny ran’i Jesosy sy mihinana ny Nofony isika.

Misaotra Anao, Tompo ô , noho ny amin’ny ran’ny Zanak’ondry. Miombona amin’ny Fiainany mandrakizay aho amin’ny fisotroana ny Rany sy ny fihinanana ny Nofony, ary manambara aho fa naharesy an’i Satana amin’ny ran’ny Zanak’ondry sy ny teny fijoroako ho vavolombelona aho,

© 2008 - Dries Du Plessis

ary tsy nankamamay ny aiko aho na dia ho faty aza, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-073-MLG

Nohavaozina farany: 06 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

